



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fiteavana - Tanindrazana - Fandrosoana



ANTENIMIERAMPIRENENA

REPOBLIKA FAHAEFATRA

FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2020

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-89

**FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY VOLAVOLAM-PANDAHARAM-
POTOANAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA MANOMBOKA NY TALATA 20 OKTOBRA 2020
KA HATRAMIN'NY ALAROBIA 18 NOVAMBRA 2020**

Fivoriana faha-2
Natao ny
Alakamisy 22 Oktobra 2020
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: - Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina
- Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

FANDAHARAM-POTOANA: Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Talata 20 Oktobra 2020 ka hatramin'ny Alarobia 18 Novambra 2020.

FOTOANA: Alakamisy 22 Oktobra 2020, tamin'ny 11 ora sy 30 minitra, atoandro.

Nitohy ny Alakamisy 22 Oktobra 2020, tamin'ny 11 ora sy 30 minitra, atoandro, ny fivoriana'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Fiarahabana ny Solombavambahoaka sy ny solotenan'ny Governemanta tonga nanatrika ny fivoriana no nanombohany ny fitenenana.

Rehefa izany, nanolotra ireo Solombavambahoaka vaovao miisa roa misolo toerana ny teo aloha ny tenany. Nomarihany fa taorian'ny Didim-pitsarana navoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana na ny HCC, tamin'ny fivoriana tsy ara-potoana voalohany no efa tokony ho fantatra ny anaran'izy ireo saingy ny mpisolo toerana ny Solombavambahoakan'i Morombe ihany no tonga tamin'izay, ny an'i Fénériver-Est kosa no nisy fahatarana kely, ka izao hotononina eto izao izany:

- Andriamatoa EDIEDY Adolphe, misolo toerana ny Solombavambahoaka voafidy tao Morombe,
- Andriamatoa INDRIANDRO Julien, misolo toerana ny Solombavambahoaka voafidy tao Fénériver-Est.

Rehefa izany, nirary soa ho azy ireo, Ramatoa Filoha, havita be amin'ny asa sy adidy aman'andraikitra miandry azy ireo.

Taorian'izay, niangavy ny Mpitantsoratra, hanao ny fiantsoana anarana ho fanamarinam-pahatongavana ny tenany. Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina no nanatanteraka izany.

Nisaotra ny Mpitantsoratra, Ramatoa Filoha, tamin'ny fanatontosana ny fiantsoana anarana nataony, taorian'izay.

Rehefa izany, nilaza ny fandaharam-potoana, Ramatoa Filoha dia ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Talata 20 Oktobra 2020 ka hatramin'ny Alarobia 18 Novambra 2020 izay novolavolaina tany amin'ny "Conférence des Présidents" ny tolak'andron'ny Alarobia 21 Oktobra 2020.

Niangavy fanindroany an-dRamatoa Mpitantsoratra ny tenany hamaky ny famintinana ny Diniky ny Filoha taorian'izay, ka toy izao no fivakin'izany.

Nivory ny Alarobia faha-21 Oktobra 2020, nanomboka tamin'ny 3 ora, tolak'andro, ny "Conférence des Présidents".

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny "Conférence des Présidents" sy ny solotenan'ny Governemanta tonga nanatrika izany (Cf fiche de présence).

Fiarahabana ireo mpivory tonga nanatrika ny fivoriana no nanombohan-dRamatoa Filoha mpitarika ny fitenenana. Natolotra avy eo ny volavolam-pandaharam-potoana naroson'ny Birao Maharitra ny Alarobia faha-21 Oktobra 2020 tamin'ny 10 ora sy 15 minitra, maraina.

Niditra tamin'ny adihevitra ny mpivory. Nisy ny fanitsiana tamin'ny endriny ivelany (forme) sy tamin'ny votoatiny (fond) nentin'ireo mpikambana tao amin'ny "Conférence des Présidents".

Taorian'izay dia nolanian'ny "Conférence des Présidents" ny volavolam-pandaharam-potoana manomboka ny Talata faha-20 Oktobra 2020 ka hatramin'ny faha-18 Novambra 2020 ary hoentina eo anivon'ny fivoriambe ny Alakamisy faha-22 Oktobra 2020 amin'ny 10 ora, maraina, mba handraisana fanapahan-kevitra farany.

FICHE DE PRESENCE

CONFERENCE DES PRESIDENTS

Date: 21 Octobre 2020

Heures: 15H 00

MEMBRES DU BUREAU PERMANENT

N°d'ordre	NOM ET PRENOM	FONCTION
01	RAZANAMAHASOA Christine Harijaona	Président
02	RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle	Vice-Président
03	RABENIRINA Maminiana	Troisième Questeur
04	RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina	Rapporteur Général Adjoint

PRESIDENTS DES COMMISSIONS

N°d'ordre	COMMISSIONS PERMANENTES	NOMS ET PRENOMS	ENTITE
01	Commission de la Défense Nationale	VELOMAHAZO Patrice	IRD
02	Commissions des Finances et du Budget	ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy	IRD
03	Commission de l'Economie et de la Planification	ANDRIAMAMPANDRY Todisoa Manampy	TIM
04	Commission de l'Intérieur et de la Décentralisation	RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa	IRD
05	Commission des Postes et des Télécommunications et des Nouvelles Technologies	MAMANGY Norbert	GPR
06	Commission de l'Agriculture et du Développement Rural	RANDRIANASOLO Jean Nicolas	GPR
07	Commission de l'Aménagement du Territoire et de la Gestion Foncière	RAHOLDINA Naivo Herinantsoina	IRD
08	Commission des Ressources Halieutiques et de la Pêche	BAOFENO Micheline	IRD
09	Commission de la Communication, Information et des Relations avec les Institutions	RAKOTONDRA SOA Fetra	IRD
10	Commission de la Culture, du Patrimoine et de la Promotion Artistique	CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot	IRD
11	Commission de l'Evaluation des Politiques Publiques	JOHASY Eléonore	GPR

PRESIDENT DU GROUPE PARLEMENTAIRE

N°d'ordre	GROUPE PARLEMENTAIRE	NOM ET PRENOM
1	GPR	DARKHAOUI SIRITIS (Vice-Président)

YAMICOLE Franckline
Représentant du Gouvernement
Chef SRI PRIMATURE

ORDRE DU JOUR

Pour la période du **MARDI 20 OCTOBRE 2020** au **MERCREDI 18 NOVEMBRE 2020**

MARDI 20 OCTOBRE 2020

10H 30: CEREMONIE D'OUVERTURE DE LA DEUXIEME SESSION ORDINAIRE 2020 DE L'ASSEMBLEE NATIONALE - (CCI-Ivato)

MERCREDI 21 OCTOBRE 2020

10H 00: Réunion des membres du Bureau Permanent - (Salle BP/AN)

15H 00: Conférence des Présidents - (Salle des Séances/AN)

JEUDI 22 OCTOBRE 2020

10H 00: **SEANCE PLENIERE** - (CCI- Ivato)
- Adoption de l'ordre du jour

VENDREDI 23 OCTOBRE 2020 au **VENDREDI 30 OCTOBRE 2020**

Travaux de la Commission Spéciale de mise en accusation devant la Haute Cour de Justice (HCJ) - (Salle BP/AN)

MARDI 27 OCTOBRE 2020 au **VENDREDI 30 OCTOBRE 2020**

Séminaire des Présidents des Commissions Permanentes et Présidents des Groupes Parlementaires en collaboration avec la Fondation Friedrich Ebert (FES).- ANTSIRABE

MARDI 03 NOVEMBRE 2020

TRAVAUX DES COMMISSIONS

09H 00: - Commission des Finances et du Budget (Saisie au fond)
- Commission des Travaux Publics (Saisie pour avis)- Salle BP/AN

-Projet de loi n°010/2020 du 24 Juin 2020 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement partiel du projet de construction d'un pont sur la rivière Mangoky, sur la RN9, cofinancé par les bailleurs arabes et l'Etat malagasy, conclu le 05 Juin 2020 entre la République de Madagascar et le Fonds Saoudien de Développement (FSD).

MARDI 03 NOVEMBRE 2020

TRAVAUX DES COMMISSIONS

09H 00: - Commission Juridique (Saisie au fond)
- Commission de la Fonction Publique, du Travail et des Lois Sociales (Saisie pour avis)

**- Commission de l'Evaluation des Politiques Publiques (Saisie pour avis)-
Bibliothèque/AN**

- Proposition de Résolution n°002-2020/PR portant Code d'Éthique et de Déontologie de l'Assemblée Nationale, présentée par le Député ANDRIANAMBININA Djohary Lee, élu à Vondrozo.

- Commission de l'Aménagement du Territoire et de la Gestion Foncière (Saisie au fond)

- Commission Juridique (Saisie pour avis)- Salle des Séances/AN

- Proposition de loi n°03-2020/PL portant modification de la Loi n°2011-005 du 01 août 2011 instituant l'ordre des Géomètres experts à Madagascar, présentée par le Député RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, élu à Antananarivo V.

- Proposition de loi n°04-2020/PL portant sur la reconstitution des informations foncières manquantes ou disparues, présentée par le Député RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, élu à Antananarivo V.

15H 00: - Commission du Commerce et de la Consommation (Saisie au fond)

- Commission de l'Agriculture et du Développement Rural (Saisie pour avis)

- Commission Juridique (Saisie pour avis)- Salle BP/AN

- Proposition de loi n°002-2020/PL modifiant et complétant la Loi n°88-028 du 10 Décembre 1988, tendant à renforcer la répression des vols de vanille, présentée par la Députée MICHELLE BAVY Angelica, élue à Fénérive Est, Vice-Présidente de l'Assemblée Nationale

- Proposition de loi n°05-2020/PL portant réorganisation de l'exploitation de la filière de la vanille, présentée par le Député DINAH Romual, élu à Maroantsetra.

15H 00: Travaux de la Commission d'Evaluation des Politiques Publiques **Salle des Séances/AN**

MERCREDI 04 NOVEMBRE 2020

SEANCE PLENIERE - CCI-Ivato

10H 00: - Projet de loi n°010/2020 du 24 Juin 2020 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement partiel du projet de construction d'un pont sur la rivière Mangoky, sur la RN9, cofinancé par les bailleurs arabes et l'Etat malagasy, conclu le 05 Juin 2020 entre la République de Madagascar et le Fonds Saoudien de Développement (FSD).

15H 00: Séance de travail de la Commission juridique avec le système Anti-Corruption à Madagascar (CSI, SAMIFIN, BIANCO, PAC) Salle BP/AN

JEUDI 05 NOVEMBRE 2020
SEANCES PLENIERES - CCI-Ivato

10H 00: - Proposition de Résolution n°002-2020/PR portant Code d’Ethique et de Déontologie de l’Assemblée Nationale, présentée par le Député ANDRIANAMBININA Djohary Lee, élu à Vondrozo.

11H 00: - Rapport des Travaux de la Commission d’Evaluation des Politiques Publiques.

15H 00: - Proposition de loi n°03-2020/PL portant modification de la Loi n°2011-005 du 01 août 2011 instituant l’ordre des Géomètres experts à Madagascar, présentée par le Député RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, élu à Antananarivo V.

- Proposition de loi n°04-2020/PL portant sur la reconstitution des informations foncières manquantes ou disparues, présentée par le Député RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, élu à Antananarivo V.

SEANCES PLENIERES - CCI-Ivato
LUNDI 09 NOVEMBRE 2020 au MARDI 10 NOVEMBRE 2020

Intervention de la Direction du Système d’Information (DSI) et séminaire sur la dématérialisation des travaux parlementaires organisé en collaboration avec l’Assemblée Parlementaire de la Francophonie (APF).

MERCREDI 11 NOVEMBRE 2020

10H 00: - Proposition de loi n°02-2020/PL modifiant et complétant la loi n°88-028 du 10 Décembre 1988, tendant à renforcer la répression des vols de vanille, présentée par la Députée MICHELLE BAVY Angelica, élue à Fénérive Est, Vice-Présidente de l’Assemblée Nationale.

- Proposition de loi n°05-2020/PL portant réorganisation de l’exploitation de la filière de la vanille, présentée par le Député DINAH Romual, élu à Maroantsetra.

MERCREDI 11 NOVEMBRE au VENDREDI 13 NOVEMBRE 2020

Atelier d’initiation à la rédaction des propositions de loi destiné aux femmes parlementaires de l’Assemblée nationale organisé en collaboration avec l’Institut Electoral pour une Démocratie en Afrique (EISA) - **AMPEFY**.

JEUDI 12 NOVEMBRE 2020 au VENDREDI 13 NOVEMBRE 2020

Séminaire parlementaire sur l’industrie extractive organisé en collaboration avec l’Assemblée Parlementaire de la Francophonie (APF).

MARDI 17 NOVEMBRE 2020

10H 00: Présentation du rapport de la Commission Spéciale sur la mise en accusation devant la Haute Cour de Justice (HCJ) suivie de la délibération de la Séance plénière.

15H 00: Séance d'information et de sensibilisation sur les activités de l'Office Nationale de Nutrition (ONN) à l'endroit des Commissions Permanentes en charge de la Santé Publique, du Genre et Développement, Population et de la Protection Sociale et l'Alliance Parlementaire Malagasy pour la Sécurité Alimentaire et la Nutrition (APMSAN).

MERCREDI 18 NOVEMBRE 2020

10H 00: Réunion des membres du Bureau Permanent - (Salle BP)

Taorian'ny famakiana ny volavolam-pandaharam-potoana, nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra, Ramatoa Filoha ary nanambara raha misy fanitsiana momba izany na ny Solombavambahoaka na ny solotenan'ny Governemanta. Rehefa tsy nisy nanan-kambara, niroso tamin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory.

Raha nomena fitenenana Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, nanamarika, fa efa tafiditra tao anatin'ity volavolam-pandaharam-potoana ity ny asam-baomiera mikasika ny "Evaluation des Politiques Publiques" izay hatao ny Talata 3 Novambra 2020 amin'ny 9 ora, maraina sy ny Alakamisy 5 Novambra 2020 amin'ny 11 ora, atoandro, kanefa tsy hita ato izany.

Ny Alarobia 11 Novambra 2020 ka hatramin'ny Zoma 13 Novambra 2020 kosa tokony hampiana hoe: «organisé par EISA» ny «Atelier» hatao any Ampefy ho an'ny vehivavy Solombavambahoaka.

Farany, ny Talata 17 Novambra 2020 amin'ny 3 ora, tolak'andro, mba miangavy ny hampidirana ny isan'ireo handray anjara amin'ny «Séance d'information et de sensibilisation sur les activités de l'Office Nationale de Nutrition (ONN) à l'endroit des Commissions Permanentes en charge de la Santé Publique, du Genre et Développement, Population et de la Protection Sociale», mba hampiana hoe: «et Alliance Parlementaire Malagasy pour la Sécurité Alimentaire et la Nutrition (APMSAN)» raha mety.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Celestin, nanamarika koa fa nanatrika «Conférence des Présidents» ny tenany kanefa tsy voasoratra amin'ny lisitra ny anarany.

Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee kosa nangataka ny hampidirana ny « Commission de l'Evaluation des Politiques Publiques amin'ny asam-baomiera hatao ny Talata 3 Novambra 2020 mikasika ny Proposition de Résolution n°002-2020/PR, ary nanentana ny Solombavambahoaka ny tenany ho tonga maro hanatrika izany asam-baomiera izany.

Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson indray, nangataka ny hisian'ny solotenan'ny tsy miankina sy ny tsy manana Vondrona Parlemantera mba hamonjy ny "Séminaire des Présidents des Commissions Permanentes et Présidents des Groupes Parlementaires en collaboration avec la Fondation Friedrich Ebert (FES)" izay hatao any Antsirabe manomboka ny Talata 27 Oktobra ka hatramin'ny Zoma 30 Oktobra 2020 raha azo atao.

Taorian'izay, nanambara Ramatoa Filoha, fa ny FES no nanao ny fanasana sy izay mikasika io «séminaire» io, ka raha te-handefa solotena hanatrika izany ny tsy miankina sy ny tsy manana Vondrona Parlemantera, angamba tsy hisy "prise en charge" avy amin'ny mpikarakara homena azy ireo.

Rehefa izany, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena mba hanome fanazavana mikasika izany.

Nanazava Andriamatoa RANDRIAMAHAFANJARY Calvin, Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena, fa afaka manamafy ny fisoratana anarana ny Filoham-baomiera sy ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera izay ho any Antsirabe ary ny Zoma 23 Oktobra 2020 amin'ny 12 ora, atoandro, no farany hanaovana izany ao amin'ny «Service des Relations avec les Parlementaires». Noho izany, asaina avokoa ny Filohan'ny Vondrona Politika sy ny Filohan'ny Vaomiera Maharitra mba hanatrika ny «séminaire». Raha tsy tonga ny Filoha dia ny Filoha Lefitra na ny Mpampakateny no afaka misolotena azy ireo.

Taorian'ny fanazavana fohy nentin'Andriamatoa Sekretera Jeneraly dia nitohy ny fanomezana fitenenana ny Solombavambahoaka.

Nanambara Andriamatoa REMI dit DJAO Jean rehefa nandray fitenenana, fa gaga amin'ny volavolam-pandaharam-potoana holaniana ny tenany. Raha ny marina, tsy tokony hatao ao anatin'izany ny fandinihana ny "Code d'Ethique et de Déontologie de l'Assemblée Nationale", fa mikasika ny "retraite parlementaire" sy ny tombotsoa ary ny fiainan'ny Solombavambahoaka no tokony hampidirina amin'ny fandaharam-potoana. Notsindriany, fa tsy rariny raha toa misy Solombavambahoaka tsy tonga nanatrika fivoriana intelo no hesorina tsy ho Solombavambahoaka intsony. Heveriny fa tsy rariny izany satria ny vahoaka no nifidy azy ireo.

Nohamafisiny, fa nisy Solombavambahoaka nigadra kanefa mbola tsy voatsara. Raha Solombavambahoaka migadra, amin'ny fomba ahoana no ahafahany mamonjy fivoriana. Rehefa misy ny toy izany, tokony ho ny famoahana avy any am-ponja sy ny fiarovana azy no atao raha tsapa fa zavatra tsy rariny no nihatra taminy ka nanagadrana azy. Izany hoe, izay mahatsara ny Solombavambahoaka no tokony hojerena satria rehefa tsy Solombavambahoaka intsony dia mihamahantra sy mijaly ary mandeha tongotra mihitsy aza. Noho izany; ilainay, hoy izy, ny fiara 4X4 rehefa hanao fitsidihana na "tourné" mba ahafahana manatanteraka ny asa mahaolom-boafidy anay. Raha ny tokony ho izy, aleo esorina tsy ho ao anaty fandaharam-potoana ny fandinihana ny "Code d'Ethique et de Déontologie de l'Assemblée Nationale" amin'izao fivoriana izao.

Namaly, Ramatoa Filoha, fa raha ny resaka nataon'Andriamatoa REMI dit DJAO Jean teo dia nanome sosokevitra amin'ny tokony hampidirina any amin'ny asam-baomiera ny resaka "retraite parlementaire" ny tenany.

Nanazava, Andriamatoa REMI dit DJAO Jean, fa mpanao lalàna ny Solombavambahoaka. Noho izany, zony no mahazo fiara 4X4 hampiasainy. Rariny ny hahazoan'ny Solombavambahoaka «retraite parlementaire» satria rehefa tsy ho Solombavambahoaka intsony, mba misy zavatra iankinany tamin'ny mahampanao politika azy ary tsy tokony henjehina amin'ny resaka valifaty mety hataon'ny Zandary sy Polisy ary ny fitsarana amin'izay fotoana izay.

Nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana indray ny Solombavambahoaka taorian'izay.

Nanambara Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee, fa ny Solombavambahoaka no hiaraka hamolavola ny «Code d'Ethique et de Déontologie de l'Assemblée Nationale» ary hisy fototra hapetraka momba izany. Ao anatin'izay, raha toa misy zavatra tsy metimety amin'ny sasany, azo amboarina miaraka izany satria tsangan-tànana no hatao mikasika ny tolo-pehin-kevitra amin'ny fotoanan'ny asam-baomiera. Noho izany, izay ankatoavin'ny besinimaro no horaisina sy hotapahana.

Nitondra fanazavana fohy mikasika ny «proposition de loi portant caisse de retraite parlementaire», Ramatoa Filoha ary nambarany fa ny parlemantera no mangataka azy io. Tsy mety ny hanaovana azy "proposition" na tolo-dalàna satria lasa "juge et partie" ny Solombavambahoaka. Noho izany, tokony ho volavolan-dalàna na «projet de loi» no itondrana azy eto amin'ny Antenimierampirenena ka aorian'izay dia azo laniana avy hatrany. Izany hoe, mila miresaka amin'ny "Executif" na ny Minisitry ny Solombavambahoaka mba hitondra azy eto amin'ny Antenimierampirenena.

Ho hita ihany ny fandaminana momba izay.

Nanao satroka Andriamatoa REMI dit DJAO Jean ary nilaza fa raha mikasika ny «proposition de loi» tahaka izao dia efa nanontany ny namana tany Frantsa ny tenany. Notsindriany, fa efa nanao an'izany ny Solombavambahoaka Frantsay sady na «mandat» iray aza dia efa mahazo "retraite parlementaire" ny any aminy. Izany hoe, tokony hanana zo hisitraka an'io ny Solombavambahoaka Malagasy. Raha atao amin'ny teny tsotra dia misy ny «retraite parlementaire» maneran-tany.

Nitondra fanamarihana, Ramatoa Filoha, taorian'izay fa efa mipetraka ao amin'ny latabatry ny Antenimierampirenena izay zavatra izay ary tokony hatomboka ny paika arahana na ny «procédure» mikasika azy. Eo anatrehan'izany, mila ny hevitra ny rehetra satria araka ny voalaza teo, "proposition de loi" no mipetraka ao. Noho izany, hatomboka ny «procédure» amin'ny maha «proposition de loi» azy ary tsy maintsy alefa any amin'ny Governemanta izay aorian'izany.

Rehefa izany, nilaza Ramatoa Filoha, fa handraisana fanapahan-kevitra ny hampidirana ny «procédure» amin'ny maha «proposition de loi» azy amin'izao fivoriana ara-potoana faharoa izao na tsia.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 46 no nanaiky, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny hampidirana ny «procédure» amin’ny maha «proposition de loi» mikasika ny fisotroan-drononon’ny Parlemantera.

Taorian’izay, mbola nisy Solombavambahoaka nangataka fitenenana, ka nomena izany izy ireo.

Raha nandray fitenenana, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, nilaza fa izao ve ny Antenimierampirenena vao handefa azy any amin’ny Governemanta sa rahovina. Nomarihany, fa mbola misy 30 andro handinihan’ny Governemanta azy, sao tokony haroso alohaloha ny fandefasana azy, amin’izay miverina eto ao anatin’ny 30 andro ary aorian’izany dia holaniana amin’izao fivoriana ara-potoana faharoa izao ihany.

Namaly, Ramatoa Filoha, fa raha ny fotoam-pivoriana dia 60 andro no faharetany. Rehefa alefa any amin’ny Governemanta izany, mbola manana 30 andro izy handiniany azy. Rehefa feno ny 30 andro ka tsy mamaly ny Governemanta, midika izany fa tsy manan-kambara izy, avy eo arosontsika foana ny fandinihana.

Nomarihany, fa efa lany ny hampidirana ny «procédure» amin’ny maha «proposition de loi» mikasika ny fisotroan-drononon’ny Parlemantera azy, ka halefa any amin’ny Governemanta izay tolo-dalàna izay.

Mbola nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana hatrany ny Solombavambahoaka, ka rehefa nandray izany, Ramatoa RASOAZANANERA Marie Monique, nilaza fa manohana ny fanolorana ny tolo-pehin-kevitra momba ny “Code d’Ethique et de Déontologie” satria anisan’ny taratry ny “bonne gouvernance” ho an’ny olom-boafidy izany.

Andriamatoa REMI dit DJAO Jean kosa mbola nanamafy ny fangatahany fiara 4x4 ho an’ny Solombavambahoaka satria tsy hita ao amin’ny “Loi de Finances” ny mikasika izany. Rariny, hoy izy, raha handinika izany, ka hampidirina amin’ny “Loi de Finances” ho avy izao. Notsindriany ny tokony hahazoana izany satria ampiasaina anaterana razana, entina isamborana mpangalatra, itondrana olona any amin’ny fitsarana, itondrana marary sns... Izany no antony ilana io fiara io.

Nohamafisiny fa sao ho voafitaka ny Solombavambahoaka amin’ny fampidirana ny “Code d’Ethique et de Déontologie” ao anaty fandaharam-potoana.

Nampita hafatra kosa Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert raha nomena fitenenana hoe: mangataka amin’ny Birao Maharitra momba ny “autorité” misahana ny “rang protocolaire”, aiza no laharan’ny Solombavambahoaka satria mitohy hatrany ny fanambaniana azy ireo rehefa misy lanonana, olon-kafa no antsoina any amin’ny toerana nahavoafidy ny sasany. Iza no miteny voalohany, faharoa ary fahatelo. Misy olom-boantendry manalabaraka ny Solombavambahoaka ka tokony hojerena izany.

Nomarihany fa nisy fivoriana nanapahana ny hanaterana fanampiana momba ny kere any Atsimo. Tapaka fa samy hanome izay foiny, toy ny vary amin’ny vidiny mora satria manana

namana afaka manao izany isika. Rehefa voaangona izany, mba aterin'ny Birao Maharitra eny amin'ny BNGRC miaraka amin'ny anaran'ny mpanome rehetra.

Nisaotra an'Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert, tamin'izay nambarany Ramatoa Filoha sady nanamarika fa manan-danja ireo zavatra voalaza ireo. Hatao ny taratasy soniavin'ny Filohan'ny Antenimierampirenena mikasika ny "rang protocolaire" voateny teo.

Mikasika ny hetsika kere kosa, noharahabainy ny Solombavambahoaka mikasika izany satria adidy tokony hatao. Notsipihany fa ny Antenimierampirenena iray manontolo mihitsy no handray andraikitra amin'izany.

Taorian'izay, nomen-dRamatoa Filoha fitenenana ny Filohan'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanambola, hanazava fohy ny resaka fiara 4x4.

Nilaza Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy, fa tena very raha io resaka fiara 4x4 io. Efa niteny tamin'ny Mpanatanteraka momba io fitaovana io. Nangataka tany foana satria ara-dalàna sy rariny ny hahazoana izany; ny antony, manofa fiara sy mandeha "taxi-brousse" ny Solombavambahoaka. Izay no ilazana fa mila fitaovana hanaovana ny asa. Hodiniana amin'ity fivoriana ity izany; hijery izay hahasoa sy hahatsara ny Solombavambahoaka satria efa nanome toky teo imasontsika ny Mpanatanteraka raha iny no resahana. Efa nilaza izany koa Andriamatoa Filoha.

Teo ampamaranana ny teniny, niangavy ny mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Tetibola ny tenany mba hijanona aorian'izao fivoriana izao satria mbola hisy zavatra hodinihana mikasika ny tetibola taona 2021.

Nanamarika, Ramatoa Filoha, taorian'izay ho an'ny mpanao gazety fa tsy mitaky fiara ny Solombavambahoaka, fa hividny satria samihafa ny hoe: omena sy ny mividy.

Andriamatoa RAKOTOMANJATO Rodin Edmond Georges kosa nanamafy ny voalazan'Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert mikasika ny "rang protocolaire" amin'ny tokony hiarovan'ny Birao Maharitra ny Solombavambahoaka satria manjakazaka ny Mpanatanteraka amin'izao fotoana izao. Izany hoe, tokony hanao taratasy momba izany ny Birao Maharitra.

Nohamafisin'Andriamatoa REMI dit DJAO Jean tamin'ny fandraisany fitenenana, fa tsy taratasy ihany no hanontaniana ny toerana misy ny Solombavambahoaka na ny "rang protocolaire", fa tokony hanery azy ireo mihitsy. Ny Antenimierampirenena, raha ny marina dia Andrimpanjakana laharana faharoa no misy azy. Ny Antenimierandoholona aza mbola aoriany satria ny lalàna avy ato amin'ny Antenimierampirenena no alefa any aminy holaniany.

Raha ny lalàna, afaka manara-maso ny asan'ny Mpanatanteraka ihany koa ny Antenimierampirenena, ka izay no antony anamafisana ny fangatahana fitaovana hiasana.

Rehefa tsy nisy nanan-kolazaina intsony, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolam-pandaharam-potoana ny mpivory.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 52 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny fandaharam-potoana manomboka ny Talata 20 Oktobra 2020 ka hatramin'ny Alarobia 18 Novambra 2020.

Talohan'ny hiatohan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha, ka toy izao izany: ny Zoma 23 Oktobra 2020 ka hatramin'ny Zoma 30 Oktobra 2020, hisy ny "Travaux de la Commission Spéciale de mise en accusation devant la HCJ", hatao ao amin'ny "Salle BP"; ny Talata 27 Oktobra 2020 ka hatramin'ny Zoma 30 Oktobra 2020, ny «Séminaire des Présidents des Commissions Permanentes et Présidents des Groupes Parlementaires en collaboration avec la Fondation FES», hatao any Antsirabe ary ny Talata 3 Novambra 2020, hisy ny asam-baomiera isankarazany izay hatao eny Tsimbazaza avokoa. Koa entanina ny rehetra izay voakasik'izany mba ho tonga mavitrika.

Niato tamin'ny 12 ora sy 25 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



NY FILOHA

RAZANAMAHASOA Christine Harijaona